

1. Translate in Malagasy

- Only she can repair this laptop.
 - Izy irery no afaka manamboatra an'io ordinatera io.

- Only adults don't like to go to a show on the Independence Day.
 - Ny lehibe irery no tsy tia mandeha mijery fampisehoana rehefa fetin'ny fahaleovantena.

- We read books and play chess only on Wednesday.
 - Rehefa alarobia ihany izahay no mamaky boky sy milalao échec.

- It only rains but there is no much wind in summer in Madagascar.
 - Manorana fotsiny ny andro fa tsy dia misy rivotra be eto Madagasikara rehefa fahavaratra.

- I have a big meal of rice for lunch only.
 - Rehefa sakafo antoandro ihany aho vao mihinana vary be.

- The shop sells only electronic devices.
 - Fitaovana elektronika ihany no amidin'ilay tranombarotra.

- You can meet the company manager only in his office.
 - Ao amin'ny biraony ihany no hahafahanao mihaona amin'ilay mpitantana ny orinasa.

- Only students and teacher are allowed to get in the school area.
 - Ny mpampianatra sy ny mpianatra irery no mahazo miditra ny faritry ny sekoly.

- We only sell cars. We do not exchange.
 - Mivarotra fiara fotsiny izahay fa tsy manakalo.

- I answer a phone call only during the lunch break.
 - Mandritra ny fotoan'ny fialan-tsasatra antoandro ihany aho no mandray antso.